

ny famonjena. Loharanon'ny fifaliana izany, ilay loharano tsy mety ritran'ny fahasitranana ary loharanompanantenana sarobidy.

Rehefa manolotra ny tanantsika sy ny fontsika amin'ny hafa isika ao anatin'ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy, dia misy zavatra mahagaga mitranga amintsika. Lasa sitrana ny fanahintsika ary madio sy matanjaka kokoa. Lasa faly kokoa isika sy milamina kokoa ary maheno kokoa ny bitsiky ny Fanahy Masina.

Amin'ny foko sy ny fanahiko manontolo no hisaorako ny Raintsika any an-danitra noho ny fitiavany antsika, ka nanomezany ny Zanakalahiny. Misaotra eram-po eran-tsaina azy aho noho ny fiainan'i Jesoa Kristy sy ny ohatra nasehony ary noho ny sorona tsy nisy ota sy tsy nisy tambiny nataony. Faly aho noho ny fahafantarana fa tsy maty i Kristy fa nitsangana avy tao am-pasana! Velona Izy ary niverina teto an-tany mba hamerina ny fahefany sy ny filazantsarany tamin'ny olona. Nampisehony antsika ny ohatra tonga lafatra mahakasika ny karazana lehilahy na vehivavy tokony halaintsika tahaka.

Amin'izao Alahadin'ny Paska izao ary isan'andro, rehefa mandinika amim-panajana sy amim-pitandremana ny fomba hamihinan'ny Mpamonjy antsika isika sy ny fomba entiny mankahery sy manasitrana antsika, dia aoka isika hanolo-tena ho lasa Tanany, mba hahafahan'ny hafa hahatsapa ilay famihinany feno fitiavana amin'ny alalantsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

Amena. ■

FANAMARIHANA

1. 2 Nephi 26:24–25, 28; nampiana fanamafisana.
2. Lioka 18:9–14.
3. Jereo Romana 3:23.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavana 18:10.
5. Mòsià 18:9.
6. Jereo Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16.
7. Ohabolana 17:17.
8. Jereo Clarence Cook, "Abram and Zimri," ao amin'ny *Poems, by Clarence Cook* (1902), 6–9.
9. Jereo Matio 22:39.
10. Jereo Matio 7:12.
11. 1 Korintiana 13:1.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.
13. Matio 22:40.
14. Jereo Joda 12.



Nataon'ny Loholona Richard G. Scott

Avy amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

“Velona Izy! Ny Voninahitra Rehetra anie ho an'ny Anarany!”

Ny fabatakarantsika sy ny finoantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia hanome ny bery sy ny fabafahana izay ilaina ho an'ny fiainana mahomby.

Marainan'ny Paska izao, dia ilay andro masina voatendrin'ny kristiana rehetra hahatsiarovana ny fandresen'i Jesoa Kristy ny fahafatesana. Ny fitsanganany tamin'ny maty dia namaha ilay fatoran'ny fahafatesana tsy mety resy fahiny. Nanokatra ny lalana Izy mba hahafahan'ny zanaky ny Ray any an-danitra tsirairay hahazo ny fahafahana hitsangana amin'ny maty ka hiaina indray.

Tena tsy maintsy lehibe ny fifalian'ny Ray any an-danitra tamin'izany andro masina izany rehefa nanorotoro ny rojon'ny fahafatesana ilay Zanakalahiny mpankato sy mendrika tanteraka. Inona moa no mety ho tanjona mandrakizain'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray raha tsy novelomina tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana mandrakizay sy tsy manam-petran'Ilay Zanany mpankato be voninahitra izany? Inona moa no tanjona mandrakizay avy amin'ny Fanorenana ny tany izay handraisan'ireo faharanitan-tsaina mitafy fanahy, vatana raha toa ka ny

fahafatesana no faran'ny fisiana ary tsy hisy hitsangana amin'ny maty? Tena fotoana feno voninahitra izany maraina izany ho an'ireo rehetra izay mahatkatra ny dikany.

Ny Paska dia ilay vaninandro hitodihan'ny fon'ny kristiana mahafatra-po tsirairay amin'ny fankasitrahana miety ho an'ny Mpamonjy malalantsika. Vaninandro iray izay tokony hitondra fiadanana sy fifaliana ho an'ireo rehetra izay tia Azy ary maneho izany amin'ny fankatoavana ny didiny. Ny Paska dia mitondra eritreritra mikasika an'i Jesoa, ny fiainany, ny Sorompanavotany, ny Fitsanganany tamin'ny maty, ny Fitiavany. Nitsangana tamin'ny maty Izy “miaraka amin'ny fanasitranana eo ambany elany.” (Malakia 4:2; 3 Nefia 25:2). Ô, tena mila izany fanasitranana atolotry ny Mpanavotra izany isika rehetra. Ny ahy dia hafatry ny fanantenana mifototra amin'ny fitsipika izay hita ao amin'ny fampianaran'ny Tompo Mpampianatra dia i Jesoa Kristy.

Ny mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia afaka mahatakatra feno kokoa ny halehibe sy ny halalin'ny fanasitranana atolotry ny sorompanavotana satria manana ny fahafenoan'ny fotompampianarana isika. Tsapantsika fa izay nataony an-tsitrapo tamin'ny fijaliana sy sorona lehibe tokoa dia tsy hahakasika antsika mandritra ity fiainana ity fotsiny ihany fa mandritra ny mandrakizay manontolo.

Amin'ity Paska ity, rehefa mahatsiaro ny fitsanganana amin'ny maty sy ny sarany naloha ary ny fanomezana natolotra tamin'ny alalan'ny sorompanavotana ianao dia mandiniha izay ampianarin'ny soratra masina mikasika ireo toe-javatra masina ireo. Ny fijoroanao ho vavolombelona manokana amin'ny fahamarinan'izy ireo dia hihafafy orina. Tokony mihoatra noho ny fitsipika izay tadidiana fotsiny izy ireo. Tokony ho lasa ampahany amin'ny tenanao izy ireo toy ny fiarovana mahery vaika amin'ny fitomboan'ny faharatsiana izay manimba ny tontolontsika.

Ny mpaminany Lehia dia nanambara fahamarinana lalina iray raha nilaza izy hoe: "Noho izany ny fanavotana dia tonga amin'ny alàlan'ny Mesia Masina sy ao Aminy;satria feno fahasovana sy fahamarinana Izy.Indro manolotra ny tenany ho sorona noho ny fahotana mba hanefana ny fitakian'ny lalàna ho an'ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina; ary tsy azo efaina amin'ny olon-kafa afa-tsy Aminy ny fitakian'ny lalàna" (2 Nefia 2:6-7). Io soratra masina io dia maneho fa ho an'ireo miavonavona am-po sy manambony tena dia mijanona ho toy ny tsy nisy Sorompanavotana notanterahina na oviana na oviana.

Velona i Jesoa Kristy. Izy no Mpamonjy antsika, Mpanavotra antsika. Olona nitsangana tamin'ny maty feno voninahitra Izy. Manana ny fahafahana hizara fitiavana izay tena mahery vaika sy tena mahahenika Izy hany ka mihoatra ny fahafahan'ny lelan' olombelona ny miteny izany araka ny tokony ho izy. Nanome ny ainy Izy hamahana ny fatoran'ny fahafatesana. Ny sorompanavotany dia nahatonga ny drafitry ny fahasambaran'ny Rainy any an-danitra ho miasa feno.



I Jesoa dia mampifandanja ny fahamarinana sy ny famindrampo ho antsika ary ny fepetra dia ny fankatoavantsika ny filazantsarany. Izy no fahazavana ho an'ny olombelona rehetra. Izy no loharano miboiboikan'ny fahamarinana. Manantanteraka ny fampanantenan'ny rehetra Izy. Ireo rehetra mankato ny didiny dia hahazo ireo fitahiana feno voninahitra indrindra izay takatry ny saintsika.

Raha tsy nisy ny sorompanavotana, dia tsy ho azo napetraka tanteraka ho manan-kery ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any an-danitra. Ny sorompanavotana dia manome ny fahafahana rehetra hihoatra ny vokatry ny fahadi-soana natao nandritra ny fiainana. Rehefa mitandrina ny lalàna isika dia mandray fitahiana. Rehefa mandika lalàna isika dia tsy misy tavela ny vokatra tamin'ny fankatoavana teo aloha mba hanoezana fahafaha-po ny fitakian'ny fahamarinana ho an'izany lalàna nodikaina izany. Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia mamela antsika hibebaka noho ny karazana tsy fankatoavantsika rehetra ary miaraka amin'izany dia miala amin'ireo sazy izay ho notakian'ny fahamarinana.

Ny fanajako sy fankasitrahako noho ny Sorompanavotan'ilay Iray Masin'Isiraely, ilay Printsin'ny fiadana-na sy Mpanavotra antsika dia miitatra rehefa mitolona aho mba hahatakatra

bebe kokoa momba izany. Mahatsapa aho fa tsy misy saina mety maty afaka mahazo tsara an-tsaina, na lelan'olombelona afaka manambara feno ny fahafenoan'ny dikan'ireo zavatra rehetra nataon'i Jesoa Kristy ho an'ny zanaky ny Ray any an-danitra tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Kanefa dia tena ilaina ny ianarantsika tsirairay izay azontsika ianarana mikasika izany. Ny sorompanavotana dia ilay singa iray ilain'ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any an-danitra ary raha tsy nisy izany dia tsy ho nanan-kery izany drafitra izany. Ny fahatakaranao ny Sorompanavotana sy ny fahatakarana atolony ho an'ny fiainanao dia hampitombo tokoa ny fampiasanao ny fahalalana, ny traikefa sy ny fahaizana manao rehetra azonao mandritra ny fiainana mety maty mba hamokarana.

Mino aho fa mitondra fampianarana ny miezaka ny hahazo sary an'eritreritra ny zavatra notakian'ny sorompanavotana ho an'ny Ray sy ny Zanany vonona. Telo amin'ireo fanamby natrehan'ny Mpamonjy dia ny:

Voalohany, fahaizana mandray andraikitra lehibe. Tsapany fa raha tsy natao tanteraka izany dia tsy nisy na dia iray amin'ireo zanaky ny Rainy aza ho tafaverina any Aminy. Hijanona ho voaroaka tsy eo anoloan'Andriamanitra mandrakizay izy ireo satria tsy hisy ny fahafahana hibebaka noho ireo lalàna voadika ary tsy misy zavatra maloto afaka mitoetra eo anoloan'Andriamanitra. Ny drafitry ny Ray dia tsy tanteraka ary ny zanaka ara-panahy tsirairay dia ho eo ambany fifehezana sy fampahorian'i satana mandrakizay.

Faharoa, ao anatin'ny fahadiovan'ny fo sy ny saina tanteraka dia nila nahatsapa manokana Izy ny fiantraikany izay tsy maintsy hatrehan'ny olombelona rehetra, eny na dia ny fahotana faran'izay ratsy sy tsy maha te ho tia aza.

Fahatelo, nila niharitra ny fanafihana feno haratsiana nataon'ny tafik'i satana Izy raha toa ka efa voatosika tamin'ny fetrany ny ara-batany sy ny ara-pihetsehampony. Avy eo, noho ny antony izay tsy fantantsika feno, raha tamin'ny fetran'ny fahafahany Izy, tamin'ny fotoana tena nilan'ny Mpamonjy fanampiana dia navelan'ny Ray hizaka ny andraikitra mavesatra niaraka tamin'ny heriny sy ny fahafahany manokana fotsiny Izy.

Miezaka aho ny hahazo sary antsaína ny nahamafy be tokoa ilay fotoana ho an'ny Ray any an-danitra rehefa nihiaka avy teo amin'ny hazo fijaliana ny Mpamonjy hoe, “Ray ô, Ray ô, nahoana lanao no dia mahafoy Ahy?” (Matio 27:46; Marka 15:34). Tsy mino aho fa namela ny Zanakalahiny teo amin'ny hazo fijaliana ny Ray any an-danitra. Tena mino aho fa ilay hiaka dia noho ny fahatsapan'ny Zanakalahy ny fialàn'ny fanohanana izay azony hatrany avy tamin'ny Ray. Ny Rainy dia namantatra fa ny Mpamonjy dia nila nanatant-raka ny Sorompanavotana manontolo sy tamin'ny tenany manokana, tsy niaraka tamin'ny fanampiana ivelany. Tsy namela ny Zanakalahiny ny Ray. Nataony izay nahafahan'ny Zanakalahiny tonga lafatra hahazo ireo vokatra mandrakizain'ny sorompanavotana.

Tsy misy amintsika, eto amin'ity fiainana mety maty ity, afaka mahafantatra araky ny tokony ho izy ny tombony feno entin'ny fiantraikain'ny Sorompanavotana.

Tena mila manamafy orina ny fahatakarantsika ny dikan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny tsirairay amin-tsika mba hahatonga izany ho fototra tsy voahozongozona izay hanorenantsika ny fiainantsika. Rehefa manomboka mihavery ny sata fototr'izao tontolo izao ary miha adino ny haja, ny hasina sy ny fahadiovana noho ny fitadiavana ny faniriana ara-nofo, ny fahatakarantsika sy ny finoantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia hanome ny hery sy ny fahafahana izay ilaina ho an'ny fiainana mahomby. Hitondra fahatokisana ihany koa izany amin'ny fotoana fise-drana ary fandriampahalemana amin'ny fotoanan'ny korontana.

Mamporisika anareo amin'ny heriko manontolo aho hametraka drafi-pianarana manokana mba hahatakarana sy hahafantarana tsaratsara kokoa ireo fiantraikany tsy manan-tshala, mandrakizay sy tsy manam-pahataperan'ny fanatanterahana tonga lafatr'i Jesoa Kristy ny antso avy any an-danitra izay nanendrena Azy ho Mpamonjy sy Mpanavotra. Ny fandinihana lalina manokana ny soratra masina arahina fikarohana sy vavaka atao amin'ny fo dia hanamafy orina ny fahatakarantsika sy ny fahafantarantsika ny Sorompanavotany tsy voavidy vola. Ny fomba



iray hafa mahery vaika ahafahana mianatra momba an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ihany koa dia ny fanatrehana tsy tapaka ny Tempoly.

Enga anie ny tsirairay amintsika hanavao ny fahavononantsika hampianatra fitsipika marina ao anatin'ny fahamasinan'ny tokantranontsika. Rehefa manao izany isika dia hanolotra fahafahana lehibe indrindra ho an'ny fahasambarana ho an'ireo fanahy izay nampiantraiketina antsika. Ampiasao ny Fiangonana ho fitaovana marina hanamafisana orina ny tokantrano saingy fantaro fa amin'ny maha ray amandreny dia manana ny andraikitra sy tombontsoa fototra isika ny hahazo fitarihana avy amin'ny Tompo amin'ny

fitazana ny zanaka ara-panahy izay nampiantraiketiny antsika.

Ny hery lehiben'ny fampianarana ny fahamarinana ao an-tokantranontsika dia tena ilaina. Ny Fiangonana dia zava-dehibe saingy ny tokantrano izay misy ray aman-dreny no manolotra ireo fahatakarana sy fitarihana takiana ho an'ny ankizy. Voalaza marina fa ny antso lehibe indrindra ankehitriny sy mandrakizay amin'ireo andraikitra sahanintsika rehetra dia ny maha ray sy ny maha reny. Amin'ny fotoanany dia hisaorana amin'ny andraikitsika rehetra azontsika isika fa tsy amin'ny maha ray sy ny maha reny antsika.

Rehefa misaintsaina ianao—fa tsy

mamaky fotsiny, fa misaintsaina sy mandalina ny andalan-tsoratra masina, ny herin'ny Fanahy Masina dia handro-tsaka fahamarinana ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ho fototra azo iankinana amin'izao fotoana tsy azo ianterana izay iainantsika izao. Amin'ny maha ray aman-dreny dia omano ny zanakareo hiatrika ny fanamby izay hatrehiny. Ampianaro azy ireo ny fahamarinana, amporsiho izy ireo hiaina izany dia tsy hisy ahiana ny amin'izy ireo na sarotra manao ahoana na sarotra manao ahoana ny fiozongozonan'i zao tontolo izao.

Amin'izao Paska izao dia manapaha hevitra ny hanao an'ny Tompo Jesoa Kristy ho ivon'ny tokantranonao. Ataovy azo antoka fa ny fanapahan-kevitra rehetra izay ataonao, na ara-panahy na ara-batana dia ho tarihin'ilay eritreritra hoe "Inona no tian'i Jesoa Kristy ho ataoko?" Rehefa lasa ivon'ny tokantranonao ny Mpamonjy dia ho feno fiadanana sy fitsaharana izany. Misy fanahin'ny fahatokiana tony izay mameno ny tokantrano izay tsapan'ny ankizy sy ny olon-dehibe miaraka.

Ny fomba tsara indrindra hanatantehana fiovana maharitra ho an'ny tsara dia ny manao an'i Jesoa Kristy ho ohatra ary ny fampianarany ho fitarihana eo amin'ny fiainana.

Raha tsy nankato ny didiny ianao arymahatsapa fa tsy mendrika, fantaro fa izany no nahatonga ny Tompo, Jesoa Ilay Kristy nanome ny ainy. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotany dia nankatra mandrakizay ny fahafahana hihotra ny hadisoana tahaka izany Izy, ny hibebaka amin'ny safidy tsy nety ary ny handresy ny fiantraikany ratsin'ny fiainana mifanohitra amin'ny fampianarany.

Ny Mpamonjy dia tia ny tsirairay amintsika ary hanao izay hahafa-po ny fanirantsika tsirairay rehetra rehefa manao izay mahamendrika antsika isika amin'ny alalan'ny fankatoavana ho an'ireo fitahiana rehetra izay tiany hananantsika eto an-tany. Tiako Izy ary mitsoaka Azy aho. Amin'ny maha mpanompony nahazo lalana ahy dia mijoro ho vavolombelona aho miaraka amin'ny fahafahako rehetra fa velona Izy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Donald L. Hallstrom

Ao amin'ny Fiadian'ny Fitopololahy

Mitodiha any amin'ny Tompo

Aza avela hampandringa anao ara-panahy velively ny zava-misebo ara-nofo.

Taona maro lasa izay dia nahita zavatra nahavaky fo aho—izay lasa nivadika zava-doza. Efa ho tonga ny fotoana akaiky hahaterahan'ny zanaka voalohan'ny mpivady mbola tanora iray izay. Feno fanantenana sy fientanentanana ny amin'izany zavatra lehibe hitranga izany ny fiainan'izy ireo. Nisy ny fahasaratana teo ampiterahana ka maty ilay zaza. Nivadika alahelo ilay zavatra nahavaky fo ary nivadika hatezerana ilay alahelo ary nivadika fanomezan-tsiny ilay hatezerana ary ilay fanomezan-tsiny dia nivadika famaliana faty an'ilay dokotera izay nampangainy ho tompon'andraikitra tanteraka. Lasa tafiditra lalina tao anatin'izany ny ray aman-dreny sy ireo olona hafa tao amin'ny fianakaviana ary niaraka nikatsaka ny hanimba ny lazain'izany dokotera izany sy ny asany izy ireo. Rehefa feno lolompo nandritra ny herinandro maro ary avy eo nandritra ny volana maromaro ilay fianakaviana dia niitatra tany amin'ny Tompo izany lolompo izany. "Nahoana no navelany hiseho izao zavatra mahatsiravina izao?" Nolavin'izy ireo ny ezaka niverimberina nataon'ireo mpitarika sy mpikambana tao amin'ny Fiangonana mba hankahery azy ireo ara-panahy sy ara-pihetsehampo ary avy eo dia nandao ny Fiangonana izy ireo.

Taranak'ilay fianakaviana efatra nifandimby ankehitriny no nitaty ny vokatry'izany zavatra izany. Raha toa ka finoana sy fanoloran-tena ho an'ny Tompo no nisy taloha dia tsy misy asa ara-panahy ataon'ireo olona ao amin'ny fianakaviana intsony tao anatin'ny folo taona mahery izay.

Ao anatin'ny toe-javatra tena sarotra eo amin'ny fiainana dia matetika tsy misy afa-tsy loharanom-piadanana iray ihany. Ilay Mpanjakan'ny Fiadanana, izay i Jesoa Kristy dia manolotra ny fahasoaovany miaraka amin'ny fanasana hoe: "Mankanesa aty amiko hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho hanome anareo fitsaharana" (Matio 11:28). Mbola nampiantena Izy hoe: "Fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo" (Jaona 14:27).

Nanan-janaka roa ny ray aman-drenibeko avy amin'ny raiko, lahy iray (ny raiko) ary vavy iray. Rehefa avy nanao asa fitoriana ny filazantsara sy nanao fanopoam-pirenena tany Hawaii ny raiko, dia niverina tany amin'ireo nosy izy tamin'ny 1946 mba hanana anton'asa sy hamelona ny fianakaviany. Nipetraka teto Salt Lake City ny ray aman-dreniny ary koa ny anabaviny. Nanambady tamin'ny 1946 ny